Agence des Transports Terrestres
Lot II E 2 CG Iadiambola Ampasampito, Antananarivo 101
Tél. (261) 20 26 213 44 – (261) 34 12 680 09

FILAZANA MAHAKASIKA NY FANONERANA NY VIDIN-TSOLIKA AVY AMIN'NY FANJAKANA MALAGASY

Ilazana ianareo mpitatitra tompona fiara miasa eo anivon'ny **Zotra an-drenivohitra sy manodidina ny renivohitra**, fa ny dingana tokony lalovan'ny tompon'ny fiara alohan'ny fizarana ny fanonerana ny vidin-tsolika dia:



1 Manokatra kaonty mobile banking :

. Airtel Money
. M Vola
. Orange Money

2 Manatitra ireo antotan-taratasy ireto miaraka amin'ny nomerao finday misy kaonty «mobile banking»'ny tompon'ny fiara eny amin'ny vondron'ny kaoperativa (union):

. Dika mitovin'ny **« Carte Grise»**,
. Dika mitovin'ny **«Licence d'exploitation»**,
. Dika mitovin'ny **«Patente»** manan-kery,
. Dika mitovin'ny **kara-panondro**

Ho an'ireo izay efa nahatonga ny antotan-taratasy feno aty amin'ny Antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety (ATT) dia horaisiny amin'ny faran'ny volana izao, ho an'Antananarivo sy Mahajanga, ny vola fanonerana ny vidin-tsolika avy amin'ny Fanjakana Malagasy nandritra ny volana Janoary 2015.

Ho hampitaina manomboka amin'ny fiandohan'ny volana Febroary ny fandaminana mahakasika an'ireo mpitatitra any amin'ny tanàna ivelan'Antananarivo sy Mahajanga.

Misaotra antsika rehetra manaraka fandaminana !

Ny Talè Jeneraly

Ny Kolonely RAKOTONDRAZAKA Andry

MITATITRA sy MITSINJO NY VAHOAKA